# ALAHADY 2 - FIAVIAN'NY TOMPO -B-2023



***« Dia niseho tany an'efitra i Joany Batista nitory batemim-pibebahana ho famelan-keloka » (Mk. 1, 4)***

Ry Kristianina havana, raha tadidintsika tsara tamin'ny Alahady lasa teo izay nanombohantsika ny Fiaviana dia nantintraterintsika fa mitaky toe-panahy ny fiainana ny Fiaviana izay manana fomba fisehoana telo. Ny voalohany dia izay niainana tamin'ny fiandrasana ny Mesia izay ankalazaintsika amin'ny Noely ny fahatongavany. Rehefa miresaka ny hoe fankalazana isika, noho ny asan'ny Fanahy Masina, dia sady mahatsiaro no entanin'izany Fanahy izany ka mivelona ny fiomanana ny fahatongavana. Izany no antony anoloran'ny Eglizy an'izao vanim-potoanan'ny Avent na Fiaviana izao mba hamelombelona sy hivelomantsika ary hidirantsika amin'ny fahatongavan'ny Mesia.

Vakiteny I : **Iz. 40, 1-5. 9-11**
Tononkira : Sal. 84,
Vakiteny II : **2 Pi. 3, 8-14**
Evanjely : **Mk. 1, 1-8**

Ny fiaviana faharoa dia amin'ny alalan'ny Sakramenta. Eo anivontsika tokoa ny Tompo ilay famonjena ka maninteraka ny fiainantsika fa indrindra amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Eokaristia izay maniraka antsika ho misionera manambara an'izany famonjena izany tahaka an'i Kristy. Isika amin'izao androntsika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona ka hitoetra ao amintsika anie I Kristy ka hamokatra bebe kokoa isika.

Ny toetra fahatelo maneho ny fiaviana dia ny fiavian'ny Tompo amin'ny fomba manetriketrika, izany hoe ny fiverenan'ny Tompo ka hiseho sy hibaribary eo anivon'izao tontolo izao ny voninahitr'Andriamanitra. Izany koa no anisan'ny omanintsika.

Misy akony manokana ho antsika ity Avent ity satria araka ny efa nanipihantsika azy dia mampiditra antsika amin'ny fijanonana faha-3 ary indrindra mampiditra antsika amin'ny Kongresy Eokaristika izay efa nasongadintsika fa ny teny fanevan'izy roa ireo dia mitovy satria tena tanjona iray ihany. Isaorana Andriamanitra. Anjarantsika izany no mandalina azy mba ho zary fiainana fa tsy slogan fotsiny. Aoka isika fianakaviana Eglizy kely hifanasoa, hifampitsimbina ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana… Tsy tanteraka izany raha tsy mivelona ny "fihavanana isika satria ny fihavanana no manasitrana an'izao tontolo izao. Ny loharano sy fototra dia Isika mpiray tampo samy zanaky ny Ray, Olo Araiky Isika Jiaby. Matetika aho mivolagna fa tsy misy kisendrasendra ao amin'Andriamanitra. Hitantsika fa sitrak'Andriamanitra tokoa ny maneho ny fitiavany sy mitantana antsika. Indro fa tena miara-dalana tokoa ny Kongresy Eokaristika sy ny Sinaody faha-7 eo amin'ny fijanonana faha-3. Anjarantsika izany ny mivelona azy. Hararaotintsika izao Avent izao, izao Fiaviana izao hirosoana bebe kokoa amin'ny fiomanana amin'ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika ary handalinana bebe kokoa ny fijanonana faha-3n'ny Sinaody mba ho PANTEKOTY VAOVAO, HO DEPART VAOVAO, ho FIAINGANA VAOVAO . Miainga eo anivon'ny Fianakaviana Eglizy kely mifototra amin'ny vavaka sy fandalinam-pinoana izany DEPART VAOVAO IZANY HAHATONGA ANTSIKA HO EOV MISIONERA, ZARY TABERNAKLA VELONA MANORINA TONTOLO IAINANA VAOVAO, TONTOLOM-PIAINANA VAOVAO ANJAKAN'NY RARINY SY HITSINY MIVELONA NY FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY, MANORINA TONTOLOM-PINOANA FENO FIDERANA AN'ANDRIAMANITRA.

Amin'izao Alahady faharoan'ny Fiaviana izao dia mampianatra antsika indrindra hiomana amin'izany tokoa ny vakiteny aroson'ny Eglizy : "**Amboary ny lalan'ny Tompo**". Fiaviana tsy maintsy omanintsika tokoa izany. Rehefa manana vahiny manan-kaja ho avy isika dia samy miomana daholo handray izany vahiny izany. Ny vahiny manan-kaja andrasantsika dia ilay efa raisintsika amin'ny alalan'ny sakramenta ka izany no mahatonga izao vanim-potoana ny "Avent" izao hanamboarantsika ny lalan'ny Tompo.

Ny Vakiteny faharoa, taratasin'i Md Piera dia mampitodika antsika amin'ilay tena fanantenana izay andrasantsika ary efa manentana antsika dieny izao hanana fiainana kristianina. OLOM-PINOANA, OLOM-PANANTENANA, OLOM-PITIAVANA isika hoy isika araka ireny hafatra tamin'ny sinaody fijanonana voalohany nandinihintsika manokana ny FINOANA. Torak'izany koa feno fanantenana isika raha nasongadintsika fa mila mibebaka isika ka hametraka ny fifandraisana amin'ny zava-boary ao anatin'ny fikolokoloana sy fiarovana ka ho diosezy maitso feno fanantenana. Ary amin'izao fijanonana faha-3 izao sady miroso miatrika ny Kongresy Eokaristika dia ny fitiavana, no ivon'ny nataontsika rehetra.

Aoka ho tsapantsika fa io taona 2024 io dia taonan'ny fivavahana ary mampiditra antsika amin'ny taona masina jobilin'ny fanantenana ka ny lohateny dia ny "Mpivahin'ny Fanantenana isika Jiaby". Manentana antsika àry ny hafatr'i Md Piera mba hanana fanantenana. Tsy mamitaka na manodoka izany fanantenana izany fa ho avy tokoa ny lanitra vaovao sy tany vaovao. Tsy afaka hanao DEPART VAOVAO isika raha tsy OLOM-PANANTENANA. Raha miomana manamboatra ny lalan'ny Tompo tokoa isika dia tsy maintsy miova. Mila fiovam-penitra mahery vaika raha te-hanavao ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, raha te-hanavao ny fifandraisantsika eo anivon'ny fiara-monina misy antsika, raha te-hanavao ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Isaorana Andriamanitra fa araky ny hafatr'i Md Piera dia mankahery, manamafy ny finoantsika Andriamanitra fa tsy mandao antsika na oviana na oviana Izy Andriamanitra. Ny arivo taona dia toy ny andro iray ka tsy mba miova hevitra Andriamanitra fa matoky antsika Izy, manana fandeferana amintsika. Araka izany voalaza izany dia tsy maintsy ho tonga amin'izany lanitra vao sy tany vao izany isika fa ny tadiavin'Andriamanitra amintsika dia ny mba samy hanatona Azy sy hibebaka isika, ho vonona hanao ny fiaingana vaovao, "départ vaovao". Na dia tampoka ny fiavian'ny Tompo, na mety hampangovitra araky ny voalazan'i Md Piera dia tsy ny handevona no tadiaviny  fa ny hamelona. Hamonjy antsika Andriamanitra ka tiany halevintsika ny ratsy sy izay rehetra tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra. Izany no tadiavin'Andriamanitra amintsika : hibebaka sy hanamboatra ny lalan'ny Tompo.

Ampianarin'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany fa ho avy ny Tompo hampiombona antsika ka ho zary tany sy lanitra vao mendrika ny maha-zanak'Andriamanitra antsika. Io indrindra no ambaran'ny teny faneva na amin'ny Kongresy eokaristika : "*Fihavanana no manasitrana an'izao tontolo izao*" na amin'ny fijanonana faha-3 amin'izao sinaody faha-7 ataontsika izao : "*Fianakaviana Eglizy Kely mifampitsimbina mifanasoa ka mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana*". Zary lanitra vao sy tany vao tokoa ny fiainantsika raha manjaka ny fihavanana sady kristianina sy malagasy ka mifampitsimbina sy mifanasoa ary mikatsaka ny soa iombonana. Miova tanteraka ny fifandraisana na amin'ny zava-boary na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra. Tontolo iainana vaovao, Tontolom-piainana vaovao, tontolom-pinoana vaovao no ivelomantsika raha Andriamanittra eo anivontsika.

Aoka àry isika hanamboatra ny lalan'ny Tompo : Araky ny hafatr'i Joany Batista ao amin'ny Evanjely, izy izay mpialoha làlana, nanamboatra ny lalan'ny Tompo, dia tsy maintsy ho Joany Batista mpialoha làlana tahaka azy koa isika tsirairay avy. Mahatsiaro manokana antsika Katekista aho eto, isika tokoa no mpialoha làlana manampy ny olona hibebaka ka handray an'I Kristy amin'ny alalan'ny fandalinam-pinoana sy ny katesizy ataontsika. Izao tokoa ny vanim-potoana hiverenantsika sy handalinantsika ny finoantsika. Izany koa ny mahasarobidy ny Fianakaviana Eglizy kely mivavaka sy mandalim-pinoana, miaro ny tontolo iainana,

mifampitsimbina, mifanasoa, satria manomana ny lalan'ny Tompo. Mampirisika antsika hanohy sy hanampy izay hafatra any am-pelatantsika ary hanohy hatrany ny fandalinana. Tsara hiverenana ireo fanontaniana napetraka tamintsika ho fandalinana bebe kokoa.

Voalazan'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany sady averin'i Md Joany Batista ao amin'ny Evanjely ary tsy maintsy hiainantsika koa fa raha te handray an'I Jesoa isika dia tsy maintsy manamboatra ny làlan'ny Tompo any an'efitra. Misy lafiny roa izany : ny fontsika no tsy maintsy diovina, tsy maintsy mibebaka isika satria lasa vato noho ny fitiavan-tena ny fontsika hany ka tsy maheno ny kiakiakan'ireo manodidina antsika. Ohatry ny any an'efitra ny fiainantsika. Aoka hibebaka isika ka hiala amin'ny fitiavan-tena izay manapotika ny fiainantsika.

Ny lafiny faharoa, noho ny fanapotehantsika ny tontolo iainana dia rava ihany koa ity Tranobe iombonantsika ity ka zary efitra. Maina ny tontolo iainana ka aoka hanorina tany lava volo ho an'Andriamanintsika isika ka amin'izay ny tranobe iombonantsika mba ho mendrika honenantsika.

"Aoka ny lohasaha rehetra hasandratra", izany hoe aoka isika hikatsaka an'Andriamanitra, hitodika amin'Andriamanitra, izay misy an'Andriamanitra no aoka ho fiainantsika ka aoka hivavaka isika, hibebaka, hanatona ny sakramentan'ny fampihavanana. Izao no andro tsara hiverenantsika amin'Andriamanitra.

"Ny tendrombohitra rehetra haetry", izany hoe mila fanetren-tena izao androntsika izao fa tsy ny avonavona no hanenika ny fiainantsika izay mahatonga antsika tsy hiraharaha ny hafa. Matoa tsy afaka hitondra antsika amin'ny tena fihavanana ny ataontsika rehetra dia noho isika feno avonavona. Izay no lazain'Izaia mpaminany.

"Ny avo hanjary tany lemaka", izany hoe ho tany lonaka ity tanintsika ity, ny fiainantsika ho tany lonaka hamokatra ka hamokatra ho an'ny besinimaro satria izany no harena. Manan-karena isika raha samy mamokatra ka mamokatra ho an'ny besinimaro, mikatsaka ny soa iombonana.

Matoa mikoroso fahana ny fiainam-pianakaviana, ny fiaraha-monina, ny firenena dia satria eo ny fialonana, ny avonavona, ny tsy fahaizantsika mijoro amin'ny fahamarinana, ny fanilikilihantsika ny hafa. Raha tiantsika hamokatra tokoa ny fiainantsika dia aoka hibebaka isika handray an'i Jesoa. Izany rahateo ny hafatra fototra entin'ny hafatra pastôraly : OLOM-PINOANA, OLOM-PITIAVANA, OLOM-PANANTENANA KA MIARAKA MANAO DEPART VAOVAO. Izany ny fankalazana ny Noely sy ny anton'izao fiomanantsika izao ka hanamboarantsika ny làlan'ny Tompo mba ho "départ vaovao". Matoa tonga Olombelona tokoa I Kristy dia hanavao ny zava-drehetra. Hanavao ny fifandraisana amin'Andriamanitra,

fifandraisana amin'ny samy olombelona, fifandraisana amin'ny zava-boary. Izany no atao FAHARIANA VAOVAO.

Ry Jesoa Tompo ô, Ianao no tonga eto anivonay. Ampio izahay hiverina Aminao ka hibebaka marina araky ny hafatr'Izaia mpaminany sy i Joany Batista. Enga anie izao fankalazana ny fiaviana izao hanampy anay hiomana bebe kokoa hihavao tokoa ka vonona hanao "départ vaovao". Hibebaka izahay ka hanatona ny sakramentan'ny fampihavanana. Aniraho Joany Batista maro izahay, aniraho mpialoha làlana izahay hanomana ny fahatongavanao. Ary enga anie izahay koa ho zary Joany Batista mpialoha làlana amin'ireo manodidina anay. Ry Jesoa Tompo ô, tongava ary aza ela intsony. Masina Maria Reny ô, omano ny fonay handray an'I Jesoa. Md Josefa Mpiaron'ny Eglizy eran-tany omano ny fianakaviana Eglizy kely hahay handray an'i Jesoa tahaka anao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson